

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA (ara- nofo) EO AMIN'NY MINO II

**2. NY FANAMBADIANA SY NY FITOVOANA ARY NY
FISAORAM-BADY ARAKA NY EPISTILY VOALOHANY HO
AN'NY KORINTIANA.**



NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA (ARA-NOFO) EO AMIN'NY MINO

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- A.- FAMPIDIRANA

- a) Nozaraina roa ity fampianarana ity:

1. **NY FIRAISANA AMIN'NY OLOM-PADY, NY FIJANGAJANGANA, NY FIRAISANA ARA-NOFO TSY MENDRIKA.** *(natao tamin'ny iray volana)*
2. **NY FANAMBADIANA SY NY FITOVOANA ARY NY FISAORAM-BADY ARAKA NY EPISTILY VOALOHANY HO AN'NY KORINTIANA.**

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- A.- FAMPIDIRANA

- **b) Fanamarihana mikasika ny fomba itondrana ny fanazavana:**

- Tsy fampianarana mikasika ny fanambadiana no entina eto, fa ny fifandraisana eo amin'ny fanambadiana, ny fitovoana ary ny fisaoram-bady, araka ny fampianarana nomen'i Paoly ho an'ny Korintiana ary jerena araka ny lohahevitra niaingàna hoe: NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO.

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- A.- FAMPIDIRANA
- **b) Fanamarihana mikasika ny fomba itondrana ny fanazavana :**
- Na izany aza anefa dia omena eto, ho fampidirana, ireo foto-kevitra ara-tSoratra Masina mikasika ny fanambadiana:
 1. Noharian'Andriamanitra araka ny endriny ny olombelona, nataony lahy sy vavy izy, ary ao amin'ny fanambadiana no tena isehoana sy ivelaran'izany endrik'Andriamanitra izany. (Gen.1.27)
 2. Natao ho an'ny olona rehetra ny fanambadiana : « *Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy.* » (Gen.2.18)

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- A.- FAMPIDIRANA

- **b) Fanamarihana mikasika ny fomba itondrana ny fanazavana :**

3. Ambaran'i Paoly Apostoly ao amin'ny Efesiana 5.21-33 fa:

- Iainana sy ijonona ho vavolombelon'ny firaisan'i Kristy sy ny Fiangonana ny fanambadiana kristiana (*fahatokiana*).

- Fanambaràna sy fiainana ny finoana ny fanambadiana kristiana.

4. Fanambadiana eo amin'ny lahy sy ny vavy ihany no hita mazava fa eken'ny Soratra Masina.

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- **B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.**
- Tsy fampianarana tahaka izay hita any amin'ny Epistily ho an'ny Romana mikasika ny famonjena, na ny an'ny Efesiana mikasika ny Fiangonana na ny fanambadiana akory, raha ny tena marina, no nosoratan'i Paoly eo amin'ity taratasy ity, fa toromarika ho valin'ny fanontaniana napetraky ny Korintiana mikasika ny fanambadiana sy ny fitovoana (*célibat*). Tsy nitovy manko ny fijerin'i Paoly sy ireo mpamola-tena (*ascètes*) kristiana mikasika ny fahadiaovam-pitondran-tena ara-piraisana. Misy efatra ireo toromarika ireo:

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

• B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.

- SAMY HAFA NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA EO AMIN'NY MPITOVO SY NY MANAM-BADY.
- NOHO NY FIJANGAJANGANA DIA AOKA SAMY HANANA NY VADINY.
- MITOVY NY LEHILAHY SY NY VEHIVAVY EO AMIN'NY FIFANDRAISANA ARA-PANAMBADIANA.
- TSY MISAO-BADY NY MINO.

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- **B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.**

1. SAMY Hafa ny fanomezam-pahasovana ...

Fanontaniana avy amin'ireo mpamola-tena (*ascètes*) no nahatonga ny toromarik'i Paoly.

Ascète: avy amin'ny teny grika hoe *askēsis*: exercice ou entraînement (*ex: pour les sportifs*)

Taty aoriana dia nampiasaina ny teny latina asceta na asceteria : moine/religieuse.

Ka ireo mpamola-tena ireo dia nampifanohitra ny fijangajangana (*porneia*) tamin'ny fifadiana tanteraka (*abstinence*) teo amin'ny firaisana ara-nofo. Ho hitantsika fa hafa mihitsy ny fijerin'i Paoly Apostoly.

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

• B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.

1. SAMY HAFA NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA ...

a) Ny mpitovo.

- Manokan-tena ho an'ny Tompo, satria tena iray aminy. Noho izany dia tsy miray amin'ny vehivavy (na amin'ny lehilahy ho an'ny vahivavy) ka mahafehy tena amin'izany. (37)
- Raha mahery ny herin'ny filàna ao amin'ny lehilahy iray ho an'ny fofombadiny, dia tokony hifanambady izy roa (36), mba tsy ho maimay (9).
- Tsara ny manam-bady, fa tsaratsara kokoa ny mijanona ho mpitovo noho ny Tompo.(38)

Fehiny: Raha mbola tsy manana fofom-bady ianao, aza mitady fa atokany ho an'ny Tompo aloha ny tenanao sy ny asanao. Ny fitovoana maharitra kosa (*célibat charismatique*) dia tokony horaisina ho fiantsoana manokana avy amin'ny Tompo ka handraisana herim-panahy ho amin'izany.

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

• B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.

1. SAMY Hafa ny fanomezam-pahasovana ...

b) Ny manam-bady.

- Ilaina ny manam-bady ary izany no anjaran'ny daholobe.
- Fa vao mainka ilaina ny fanambadiana satria harofanina amin'ny fijangajangana izy. Fa ny fijangajangana dia manohitra ny herin'ny Fanjakan'Andriamanitra, manimba ny fifandraisana eo amin'ny samy olona, ary manimba ny tena izay fonenan'ny Fanahy Masina.
- Azo oharina amin'ny sakafo ny fanambadiana: sady mamelona sy manome hery izy no miaro sy manasitrana koa.

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

• B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.

1. SAMY HAFA NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA ...

d) Ny maty vady.

- Afaka manam-bady indray izay tiany indray izy, saingy vady kristiana (39)
- Sambatra kokoa anefa izy raha tsy manam-bady intsony fa manokan-tena ho an'ny Tompo.(40)

Fehiny: Ny fanambadiana dia tsy manafohana ny firaisana amin'ny Tompo akory, saingy mizara ny fiahiany (34a) amin'ny itadiavany izay hahafaly ny vadiny (33-34). Fa ny tsy manam-bady kosa (mpitovo sy mpitondratena) dia manokana ny tenany sy ny fanahiny manontolo miahy ny ho an'ny Tompo.

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- **B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.**

2. NOHO NY FIJANGAJANGANA DIA AOKA SAMY HANANA NY VADINY.

a) Arofanina amin'ny fijangajangana (*déviante sexuelle*) ny fanambadiana.

Tsy io no tena anton'ny fanambadiana saingy asehon'ny Tompo ny halalin'ny fahendreny amin'ny fandaminany ny fomban'ny fanambadiana.

b) Asehon'i Paoly eto ny maha-ratsy ny firaisana mialoha na ivelan'ny fanambadiana.

Tsy rafitra fotsiny ihany ny fanambadiana fa toe-panahy sy sehatra isehoan'ny fiainana ny firaisana amin'i Kristy araka ny lamina napetrany. Ny firaisana ara-nofo dia fanomezana avy amin'Andriamanitra izay iainana ao anatin'ny fanambadiana. Raha vao ao ivelany izy, dia manjary fahotana maharikoriko an'Andriamanitra ka misakana ny fidirana any amin'ny Fanjakany. (6.9-10; Ef.5.5; Heb.13.4; Ap.21.8...)

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- **B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.**

3. MITOVY NY LEHILAHY SY NY VEHIVAVY EO AMIN'NY FIRAISANA ARA-PANAMBADIANA.

- Tsy tompon'ny tenany izy fa ny vadiny.

Tokony hanao izay tokony hatao amin'ny vadiny avy na ny lahy na ny vavy.

Araka izany dia mety ho endriky ny fijangajangana ihany koa:

- ny fandavana ny tena tsy ho an'ny vady.
- ny fanaovana ny tokony hatao amin'ny vady amin'ny tena ihany (*ex: la masturbation, les jeux sexuels*)

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- **B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.**

3. MITOVY NY LEHILAHY SY NY VEHIVAVY EO AMIN'NY FIRAISANA ARA-PANAMBADIANA.

- **Manokana fotoana hivavahana amin'ny Tompo.**

Tokony homena toerana betsaka ny fiarahan'ny mpivady, saingy tokony hifanarahana ny fotoana atokan'ny tsirairay hivavahana amin'ny Tompo.

- **Manana anjara amin'ny raharahan-tokantrano ny roa.**

- **Manana andraikitra amin'ny raharahan-tokantrano ny roa.**

Ny firaisana eo amin'ny mpivady dia asehony koa amin'ny fiombonana sy ny fifampizaràna (*partage, réciprocité*).

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- **B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.**

4. TSY MISAO-BADY NY MINO.

- " **Aoka tsy hisaraka...**" (10-11)

Mampahatsiahy ny fampianaran'ny Tompo i Paoly, fa tsy mahazo misao-bady ny olona (afa-tsy noho ny fijangajangana ihany); ary raha misy izany, dia tokony hanao izay hifampodiana, raha tsy izany dia mijanona ho tsy manambady ihany no mety. (Mat.5.32; Mar.10.11-12)

Tsara ny manamarika fa mifamatotra amin'ny fahatokiana (*fidélité*) eo amin'ny Tompo sy ny Fiangonana ihany ny fanambadiana, ka raha misy mihataka (very) dia ny miverina (*conversion*) no lalana, fa tsy misy hafa.

NY FITONDRAN-TENA ARA-PIRAISANA EO AMIN'NY MINO II

- **B.- IREO TOROMARIKA ARAKA NY 1 Korintiana 7.**

4. TSY MISAO-BADY NY MINO.

- Raha manaiky hijanona amin'ilay vady mino ilay vady tsy mino dia tsy mitady izay hisarahana ilay mino.

Ny fiaraha-monina tsy misy rahoraho ifanekena (*convivialité*) no manamasina ilay vady tsy mino. Tsy midika akory izany fa voavonjy vady tsy mino.

- Raha ilay tsy mino kosa no miala dia avela izy hiala.

Ny kristiana dia mikatsaka ny fiadanana hatrany (# fikotranana), ka tsy miady amin'ny tsy mino izy, fa raha miala kosa ilay tsy mino, dia afaka miaina ny finoany sy manompo amin-kalalahana feno amin'izay ilay mino.